21

# NY MPANORATRA
# Alfred RAMANDIAMANANA

## TANJONA

- Mahalala sy mahafantatra ny mpanoratra sy ny lalan-kizorany amin'ny maha mpanoratra azy ary mihanoka ny asa soratra nahafantarana azy.

## LESONA HOTADIDINA

**Iza moa ny mpanoratra Alfred RAMANDIAMANANA?**

Teraka tamin'ny taona 1886 ny mpanoratra Alfred RAMANDIAMANANA. RAZAFINDRALAMBO Fulgence ao amin'ny "Raki-piainana", boky nanaovany fanangonana tak.10 dia milaza fa teraka tao Ambohimandroso izy.

Anisan' ny mpanoratra manan-talenta sy mikaly asa soratra izy ary nanoratra «poezia mamelovelo sy malefadefaka na tantara soa maharenoka sy sarotra hadinoina... sady manan-toetra azy samy irery, raha mitantara zavatra: midona amin'ny tsy am-poizin'ny mpamaky ao am-parany, ka raha tsy dangin'ny hehy na revon'ny tsiky, dia manao ambentin-teny izay tantarainy! Maro ny solon'anarana nahafantarana azy. Tao izany hoe: A. DJEMINAH; ALFRED D.M.N; RAMANDIAMANANA ary R. RAMANGAMALEFAKA.

Maty tamin'ny 17 Mai 1938 izy.

**Ny tantaram-piainany nolalovany sy nizorany:**

Vao 20 taona izy dia nanoratra tao amin'Ny Basivava (1906), anisan'ny gazety malagasy voalohany, niadidian'Andrianjafintrimo. Niara-nanoratra taminy tao NY AVANA, RAMAHOLIMIHASO, RATOVOHERIZO, DONDAVITRA...

Voa tamin'ny raharahan'ny V.V.S., ka voasesitany tany Mayotte.

**Alfed RAMANDIAMANANA sy ny literatiora**

Namorona tononkalo sy sombin-tantara, na dia tsy dia maro loatra aza: Nanoratra tamin'ny gazety maro: Ny Basivava, Ny Tanamasoandro, Ny Akon'Iarivo, Ny Lakolosy Volamena... Izao no filazan'NY AVANA azy ao amin'ny Fandrosoam-baovao (Nouvelle série no. 35 11 mai 1932): nanoratra «poezia mamelovelo sy malefadefaka na tantara soa maharenoka sy sarotra hadinoina...

Tsahivo kely ilay iray, Ny voalin'ny vehivavy: mbola mitisky ihany isika raha mieritreritra iny!» Tao amin'Ny Lakolosy volamena, raha nobantin'ny mpanebaka sasany ny poezia, dia isan'ireo (...) niaro ny zo sy ny satan'ity zava-tsoa ity izy», hoy ihany Ny Avana. Ary faranany hoe: «Isan'ny kintana soa famiratra eo amin'ny lanitry ny literatiora malagasy RAMANDIAMANANA...» Tsy mba matin'ny hahavita be foana izy na manoratsoratra fa mano ny olona. Iray amin'ny fitandroany ny hajan'ny talentany izany».

**Ohatra tamin'ny sombin-tantara nosoratany :**

- Faneva mainty
- Reny roa
- Midongy angaha isekely?
- Ianao re no maneke

**Sahanasa 1**

1-Iza ny tena anaran'ny mpanoratra RAMANGAMALEFAKA?

2-Manomeza solon'anarana ankoatra ny hoe RAMANGAMALEFAKA nentin'ny mpanoratra Alfred RAMANDIAMANANA.

3-Iza moa ny mpanoratra Alfred RAMANDIAMANANA? Vahavahao anatin'ny fehezanteny fohifohy ny mombamomba azy.

## Sahanasa 2

Indro misy ampahany amin'ny tantara foronina "Midongy angaha isekely?", nosoratan'i Alfed RAMANDIAMANANA.

Tolak'andro malomaloka, somary mitatao rahona ny lanitra andrefana. Manao dia maika hody ny lavi-trano, efa vitsy mpiditra ny ankabeazan'ny trano fivarotana. Ny trano iasan'ity mpanefy firavaka kosa dia nanaovan'ny tovovavy tsy omby aloha, izay samy miraratra avokoa. Rojo vitsivitsy tsara tarehy, voaisy vatosoa, no vao vitan'Ingahy mpanefy, ka nifandrombaka samy ta-hahazo ny tsar any ambavilanitra. Indro koa niditra ao Rasinoro, tovovavy mahay mihaingo, bikàna, ary manao azy ho tsara tarehy, na dia somary navesabesatra azan y terÿ am-poto-tsofiny terÿ! Latsaka iray tsy an-droapolo ny taonany. Izy no vadin'Ingahy Rabedaoro mpanankarena, sarotra atao antitra na dia efa nihoaran'ny fito azan y dimampolo taona.

Ramatoa kely, araka ny maha-tanora aazy, dia tia haingo: Rangahy koasa matahotra ny hilaozany, ka ta-hanaraka ambokony izay ataony; nefa tsy mbola matyao an-tsainy ny fitsitsiana sy ny alahelo ny harena tobatobaina. Hany ka hita milonjehitra erÿ I Rainibe nony namoaka vola misimisy hividianana fihaingoan-dravehivavy. Vonjen-dRakalakely sombinana ny takolak'Ingahy efa mirirotra iny, sady nanaovany karazam-pitenenana hoe: "Midongy aminay angaha isekely?" Hany ka tsy maharitra fa mitsiky, dia mmiara-miraidraika ao amin'ny fitiavana lazon-dazony.

Dia niditra ny trano ny mpanefy àry Rasinoro, ka tsy azo nahodina tamin'ny rojo misy vatomanga lehibe ny fitiavany. Tsy nety natoky ny hamarinan'ity mpanefy izy, ka naka olon-kafa mahalala hijery na tena vatosoa marina ity ihandrinan'ny sainy, na hosokosoka. Nilaza ilay olo-mahatoky azy fa vatosoa ambony karazan ity zavtr'olona: ka zay vao nifototra niady varotra. Raikitra tamin'ny dimy amby fitopolo farantsa

ny varotra. Natolotra ny vola, dia iny Raisinoro lasa nody, nisonenika hoatra ny hitsikitsika nibeda totozy.

Fa nony tonga takaikin'ny tranony, dia lasa ny eritreriny, "hamoa-tsampona izao ilay anti-dratsy iny raha mahare hoe dimy amby fitopolo farantsa no nividianana ity! aoka hanaovako lainga masina Ratrà, sao misarongatra manafim-bola raha ilazana ny marina."

Mbola vao erÿ am-baravarana izy dia efa tazan-dRangahy ny rojo eny ambozony sy ny fanjelanjelatry ny vatosoa. Nivaloarika ihany I Rainibedaoro.

- Inona indray re ity antambo nentin'Ikala fanetribe ity ato an-trano e? sady nikainkona teo ambony seza harona izy. ………

**Fanontaniana**

1- Miainga amin'io lahatsoratra io, sokajio sy fariparito ny mpandray anjara.

2- Amin'ny maha lahatsoratra azy, farito ny fotoana hitrangan'ny tantara sy ny habaka

3- Tanisao hevi-dehibe misongadina ao amin'io ampahan-dahatsoratra mitantara io.